



## SOAVY IREO TSY TIA ANTSIKA.....

Ry Kristianina havana, averimberintsika fa ny mandavantaona tahaka izao dia fotoana fandalinam-pinoana mba hanampy antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA izany hoe hanahaka an'i Kristy ka ho kristianina azo tavandraina, tsy "spectateur" fa tena "acteur". Izany no tanjon'izao Sinaody izao arak any vavaka fanaontsika

Ny foto-kevitra amin'ity Alahady ity dia ny famelana. Anisan'ny toetran'i Jesoa izay tena manaitra tokoa io. Irin'ny Eglizy mba hivelona izany toetra izany isika vita batemy jiaby.

Ny famelan-keloka, izay vokatry ny fiainana miombona tanteraka amin'i Jesoa. Mamindra fo amin'ny namana, araka ny ohatra tsara nomen'i Jesoa antsika. Midika izany fa ny lalan'ny

Vakiteny I 1 Sam 26,2.7-9.12-13.22-23

Tononkira : Sal 102

Vakiteny II : 1 Kôr. 15, 45-49

Evanjely : Lk. 6, 27-38

fitiavana no asandrantsika amin'ny toerana ambony dia ambony. Ary ny fahaizantsika mamela heloka, na mamindra fo amin'ny hafa no mampiavaka antsika kristianina amin'ireo finoana hafa. Satria ny famelan-

keloka dia tsy tokony hatao fotsiny amin'ny namana, fa tsy maintsy hatao indrindra amin'ireo fahavalo hanambara an'i Kristy nitsangan-ko velona nandresy ny ratsy. Izany no mahatonga ny Papa François milaza fa raha maniry fiadanana sy fandriam-pahalemana dia tsy maintsy mamboly famelan-keloka ary famindram-po. Izany tsy midika fa mandeha ho azy satria miaraka amin'i Kristy nandresy. Tsia. Ady sady dia ny fiainana ady amin'ny ratsy izay mahatonga ireny korontana ireny fa dia kosa miroso amin'ny fiainana dia ny fiainana mahazanak'Andriamanitra. Tandremo diso ady atrehina. Toa izay miady amin'ny ratsy ny olona no iadiana. Indrisy io no matetika mitranga...

Porofon'ny lehibe no nomen'i Jesoa antsika teo ambony Hazofijaliana, tamin'ny fotoana nangatahany tamin'ny Rainy, mba hamela ny hadisoan'ireo namantsika Azy sy ny

nampanantenany an'ilay jiolahy niara-nofantsihana taminy ny fiainana mandrakizay. I Jesoa, na dia afaka namaly faty aza, dia tsy nisafidy izany, fa naleony namindra fo tanteraka. Ary izany famindrampony izany no tiany hampitaina amintsika, hianarantsika. Ny loharanon'izay araka ny voalazantsika teo dia ny fiombonm-piainana amin'izao. Tsy afaka hamela heloka sy hamindra fo tahaka an'i Jesoa isika raha tsy mitoky amin'Andriamanitra araka ny fampianaran'ireo Tenin'Andriamanitra amin'izao alahady faha 7 izao.

Ao amin'ny Vakiteny voalohany, raha nanaraka tsara ny tantara isika, dia hita fa mafy loatra ny fanenjehana sy ny fijaliana niaretan'i Davida, noho ny fialonan'i Saola azy. Naniry sy nikatsaka hamono an'i Davida mihitsy i Saola satria i Davida no nandrian'ny fon'ny vahoaka Israely. I Davida no tian'izy ireo sy azoazony kokoa, hany ka nifofo ny ain'i Davida i Saola. Maro ny tetika nampiasainy hamelezana an'i Davida, kanefa hafa lavitra noho izany ny hevitr' Andriamanitra.

Indrisy tsy tantara fotsiny fa miatrika izany isika matetika eo anivon'ny fiaraha-monina hatramin'ny fiainan'ny fianakaviana, « eglizy kely ». Mila fiovam-penitra mahery vaika isika raha maniry tontolo iainana, tontolom-piainana, tontolom-pinoana mirindra. Tsy tanteraka izany raha tsy manjaka ny fifamelana sy famindram-po. Anisan'ny antony hanatanterahantsika izao Sinaody izao ny ahafahantsika mifampitraotra ka hiara-hijery ny fiainana ao anatin'ny vavaka, tsilovin'ny Fanahy Masina mba hifampitsimbina sy hifanasoa ary hikatsaka ny soa iombonana tsy anatin'ny fihatsaraham-belatsihy fa anatin'ny fahamarinana.

Andeha hojerentsika indray ny vakiteny voalohany. Nivadika ny rasa eto, ka i Saola indray no azon'i Davida novonoina, raha tiany. Azon'i Davida natao tsara ny namono an'i Saola, kanefa nahagaga sy nahatalanjona ny fihetsiny. Ary nampieritreritra ny miaramilany izany fihetsika nataony izany. Tsy sahy naninji-tanana hamono an'i Saola izy fa namindra fo taminy. Fijoroana ho vavolombelona ary ohatra velona no nasehon'i Davida teo anatrehan'ny miaramilany.

Manome ohatra ho antsika koa ity tantara ity, mba hahafahantsika maka tahaka ny nataon'i Davida, amin'ny famelana heloka atao amin'ny mpiara-belona diso tamintsika, fa indrindra amin'ireo izay nifofo ny aintsika ka heverintsika ho fahavalo. Mitaky finoana lalina an'i Kristy ny famelana heloka sy ny fitiavana ny fahavalo. Mampahatsiaro ihany koa ny zavany tamin'ilay nitifitra an'i Papa Md Joany Paoly faha-2 izay niaiky heloka ka navelan'i Papa.

Manamafy io toetra io i Jesoa Kristy ao amin'ny Vaovao Mahafaly. Mafy dia mafy ny teniny, henjana mihitsy aza; kanefa mazava dia mazava koa, tsy misy olakaloka. Tsy mpanao kobaka am-bava I Jesoa toa ny Mpanao politika mampanantena nefa tsy hita. Soa ihany fa tsy tahaka izany I Jesoa. Hoy manko lzy : «*Tiavo ny fahavalonareo. Manaova soa amin'izay manenjika anareo*». Teny henjana kanefa mazava ary mampivarahontsana antsika mandray azy. Atao ahoana tokoa moa, amin'ny maha-olombelona antsika, ny ho tia sy hanao soa ny fahavalontsika? Sarotra tokoa izany, ary manahirana ny manatanteraka azy. Izany no mahatonga antsika ho taitra sy ho very hevitra raha maheno izany tenin'i Jesoa izany.

Mazava anefa ny teniny, tsy misy olakoloka! Fa raha te hanara-dia Azy isika, raha te ho mpianany isika, dia io no lalana atorony antsika, io no asainy tanterahintsika. Tsapa anefa matetika, ary hita taratra eo amin'ny fiaraha-monina iainantsika, amin'ny fifandraisantsika samy isika fa toa hadinontsika io famelan-keloka sy famindram-po io, rahefa misy ny olana mitranga. Indrindra fa raha olana goavana araka ny fiheverantsika azy, ka mampifandona antsika amin'ny namantsika na amin'ny iray tam-po amintsika, na amin'ny iray fikambanana amintsika ireny, miady sy mifamono ary tsy mifandevi-maty noho ny ady lova na noho ny

safidy tsy mitovy. Na eo amin'ny fifidianana izay ho vadin'ny olona iray aza, dia mety hiteraka olana rahefa tsy ankasitrahana ny hafa ny safidin'ilay haka vady. Miteraka korontana ao anatin'ny fianakaviana izany fifandrafiana izany; satria tsy mahay mifanakalo hevitra sy mifampidinika ny mpianakavy, sady tsy mahay mifandefitra; hany ka lasa mpifahavalo. Kanefa anie dia olona iray fianakaviana izao ihany e!

Ekena tokoa fa mora am-pitenenana ny famelana ny hadisoan'ny hafa, fa sarotra dia sarotra ary manahirana ny manatanteraka azy. Isika olombelona manko dia manana hambom-po, izay mahatonga antsika hanambonimbony ny tenantsika indraindray, ka tsy manaiky ho ambanin'ny hafa. Hany ka raha voatohintohina ny hambom-pontsika, na maratra ny fontsika noho ny hadisoan'ny hafa, na ray aman-dreny io, na iray tam-po, na namantsika akaiky indrindra, na mpiray aina amintsika ao amin'ny fikambanana, dia matetika isika no tsy mahay mamela ny hadisoany, fa manao an-dolom-po aza, ka mieritreritra ny hamaly faty. Impiry impiry moa isika no efa nandre, na nahita mpiray tam-po, iray ray tsy mifandevi-maty.

Mampalahelo sy mahavaky fo ny toe-javatra fahita sy fandre matetika toy izany. Na dia ao anatin'ny fianakaviana kristianina aza, dia misy alaim-panahy hanadino ny maha-kristianina azy, ka manao ny fanaon'izao tontolo izao tsy mahalala an'i Kristy, fa mamaly faty izay nanao hadisoana taminy.

Lavitra dia lavitra ny tenin'i Jesoa ny fihetsika ataontsika olombelona. Lavitra, satria i Jesoa dia manentana antsika ho tia ny fahavalo. Kanefa isika olombelona amin'ny fiainantsika andavanandro, dia tsy mahay mitia akory, na dia ny ray aman-drenintsika sy ny mpiray tam-po amintsika aza.

Koa ahoana no fomba hahatongavantsika amin'izany fitiavana ny fahavalo izany, raha ny namana eo akaikintsika aza tsy vitantsika akory ny maneho fitiavana azy, nony injay misy disadisa mitranga? Sarotra tokoa ny manatanteraka ny Tenin'ny Tompo! Tsy hoe tsy azo atao na tsy mety ho vita, fa sarotra! Mila ezaka, ary indrindra indrindra mila finoana. Raha mino isika fa momba antsika i Kristy, ary ao amintsika ny Teniny, dia ho mora amintsika ny hanatanteraka izany.

Marina sarotra fa misy modely azontsika raisina fa indrindra ireo zokintsika amin'ny finoana toa an-dry Victoire Rasoamanarivo Olts, Ramose Lucien Botovasoa Olts. Haintsika ny tantaran'izy ireo. Ohatra i Victoire, namaly ny rafivaviny izay nahita ny soa nataon'i Victoire taminy ka niangavy an'i Radriaka tsy hitady vehivavy intsony fa tsy misy vehivavy tsara mihoatra an'i Victoire ary nanomboka teo izy dia tsy nandeha intsony tany amin'i Radriaka. Karaha izany koa i Lucien Botovasoa. Rabefihavana no anarana nomen'olona azy satria miezaka hatrany mampihavana ao anatin'ny famelan-keloka sy famindram-po. Namela ireo namono azy. Tahaka an'I Md Etienne izy nivavaka ho an'ilay Mpanjaka nampamono azy izay nibebaka taty aoriana ka natao batemy.

Nomen'Andriamanitra fanahim-pitiavana tokoa isika, ka afaka mifamela heloka sy mifamindra fo.

Ny Vakiteny faharoa dia mampiseho fa nofo aman-dra isika ary mpanota. Mbola manan-danja ao amintsika ilay Adama fahiny izay fototry ny fahotana. Manambara anefa i Masindahy Paoly Apôstôly fa manana Fanahy isika. Io fanahy io no mampitodika antsika amin'Andriamanitra ary mahatonga antsika ho olon'ny lanitra, miray aina amin'i Kristy, ilay Adama vaovao. I Jesoa Kristy no Lalana marina mitondra antsika mankany amin'ny famonjena. Ary Izy irery ihany no afaka hanampy antsika hiova fo, ka ho afaka hamela heloka ny fahavalontsika ka sy hamindra fo aminy.

Ny amaranan'i Jesoa ny teniny tao amin'ny Evanjely, dia ny fitiavany mba hahatakarantsika ny vokatry ny maha-kristianina antsika. Tsy hoe kristianina anarana fotsiny isika, fa miaina kosa izany maha-kristianina antsika izany. Noho izany no mahatonga an'i Jesoa milaza amintsika hoe : mahaiza mamindra fo, aza mitsara, aza manameloka ny hafa, mamelà mba ho voavela ianareo. Izany no hafatra tian'i Jesoa hampitaina amintsika. Ary mbola hamafisiny aza fa ny famarana namarantsika ihany no hamarana ho antsika koa.

Inona no tiany holazaina amin'izany? Tsotra ihany. Ny famarana hamaran'Andriamanitra ho antsika dia ny famarana ny fitiavana, ny famindram-po, ny fiantrana ny hafa. Ary izany famaran'Andriamanitra izany no tian'i Jesoa hamarantsika ho an'ny hafa koa.

Manome antsika fahefana mba hamela heloka ny hafa Andriamanitra. Satria Izy dia mamela heloka antsika ary manadino ny fahotantsika, rahefa miaiky ny helotsika amin'ny fo torotoro eo anatrehany isika.

Ny fanontanina mipetraka raha ny fifamelan-keloka sy fifamindram-po moa no ahafantarana fa miombom-piaina amin'i Kristy isika dia ity : « moa ve mba haintsika ny mamela ny heloky ny namantsika? Mba avelantsika miteny sy manazava sy miala tsiny amintsika ve izy ireny? Matetika isika no miteny hoe: olombelona ihany, izany hoe mpanota na malemy sy osa. Rahefa miala tsiny amin'ny fahadisoana nataontsika tamin'ny hafa isika no miteny izany. Fa hadinontsika sy odianty tsy fantatra kosa io teny io, rahefa ny hafa no diso tamintsika. Tsy afaka hahatakatra ny fahadisoana nataon'ny hafa tamintsika isika, ka vonona hamela azy. Mangataka ny famindrampon'Andriamanitra isika, nefa kosa manadino ny mamindra fo amin'ny hafa.

Voalazan'i Kristy mazava anefa fa tsy ho voavela ny heloka nataontsika, raha tsy mamela ny hadisoana nataon'ny hafa tamintsika isika. Hoy Izy hoe: «*Aoka ho masina ianareo. satria masina Andriamanitra Rainareo any an-danitra; ary mamindra fo anareo satria mpamindra fo ny Rainareo any an-daniitra*».

Fantatsika izany ny lalana mitondra antsika any amin'ny famonjena. Mazava amintsika koa ny tenin'i Kristy androany, ka tsy tokony hisalasala isika fa hangataka Aminy ny fanampiany sy ny fankaherezany antsika, mba hahatanteraka izany.

Ekena eto am-pamaranana fa henjana sy hentitra ny tenin'i Jesoa amintsika. Hoy ny tenin-drazantsika hoe: «Ny zanaka tiana, tsy itsitsiana rotsan-kazo» sy ny hoe: «Ny hendry ihany no anarina». Eny e! Tian'Andriamanitra tokoa isika. satria zanany; ary hendry isika matoa mananatra antsika i Kristy.

Sarotra ny teny voalazany ! Mitaky finoana lalina ny fanatanterahana izany. Aoka ho fola-kevitra isika fa io no lalana mankany amin'ny fiadanana sy fandriam-pahalemana satria ny famelan-keloka sy famindram-po no mampiombona. Koa angataho Aminy-ny hery sy ny finiavana hanatanteraka izany, eo amin'ny manodidina antsika, na ao an-tokantranontsika, na any amin'ny toeram-piasana. na ao amin'ny ankohonam-pikambanana, mba ho fitaratra sy ohatra velona amin'ny fahaizana mamela heloka ny hafa isika.

I Kristy anie homba antsika mandrakariva, ka hanome fahendrena antsika sy hampiezaka antsika isan'andro isan'andro, mba hahazantsika mandefitra. Ny fifikirantsika amin'i Kristy anie ho lalam-pahasoavana hanova ilay fo vato ao anatintsika hanjary fo nofo, fo mitempo fitiavana ary fo anjakan'ny fitiavana, hany loharanon'ny famelan-keloka sy ny famindram-po ary ny fiantrana ireo diso tamintsika.

Enga anie tsy ho hira fotsiny na ho fihetsika ivelany fotsiny ireny vavaka ataontsika

amin'ny Fifonana ireny na amin'ny Rainay any an-danitra, fa mba ho tena vokatry ny fontsika. Ary enga anie ireny mba hampiharintsika amin'ny fiainantsika eo anivon'ny fianakaviana, sy eo anivon'ny ankohonana, na eo anivon'ny fikambanana ka ho tena vavolombelon'i Kristy marina tokoa isika. Enga anie isika tsy ho mpitondra ny anarany fotsiny, fa ho olona tena mirotsaka hiaina ny teniny sy mpanatanteraka izany, na aiza na aiza misy antsika, ary na inona na inona ataontsika.

Ny hany teny farany tiako hampitaina amintsika, dia izao: *mahaiza mamela heloka ny namantsika, eny, fa na dia ny fahavalontsika aza. Fa ny fahaizana mamela heloka sy mifamela heloka no lalana anehoantsika ny maha-mpianatr'i Kristy antsika. Io no lalana mitondra amin'ny fiadanana ary amin'ny fandriam-pahalemana*

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson